# Andro fivavahana sy fifadian-kanina

Boky tari-dalana

**Matanjaka noho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra**

*Vavaka fanelanelanana ho an'ny fanambadiana*
*(Miaraka amin'ny fotoam-bavaka manokana ho an'ny tokantena)*

Telovolana faharoa 2018

Sabata 7 aprily 2018

Fifohazana sy Fanavaozana

**Sabata 7 Aprily 2018 – Andro fifadian-kanina sy fivavahana**

Loha-hevitra : « Matanjaka noho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra : Vavaka fanelanelanana ho an'ny fanambadiana. »

**Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?**

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihaona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo ?

Nanana izany olana izany i Jesosy teo am-piomanana hiverina any an-danitra rehefa avy nohomboina tamin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozarainy tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao nijoro hanana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra izany.
Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny tsy hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinananareo sakafo mifototra amin'ny zavamaniry.
« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavaka izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).

Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ny andro ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.

Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

**Soso-kevitra mikasika ny fandaharam-potoana**

- Toko sy andininy fototra : 1 Korintianina 13 ; Efesianina 5:21-28 ; Mpitoriteny 4:9.
- Soso-kevitra mikasika ny loha-hevitra mety hatao amin'ny toriteny na natao hodinihin'ny fiangonana miaraka :
  *Ny ady ho amin'ny fanambadiana araka an'Andriamanitra*
  *Manangana fanambadiana voasedra*
  *Mamorona lanitra eto an-tany ao an-tokantranonao*
  *Rehefa ny fisarahana no vahaolona tsara indrindra.*
- Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :
  Voalohany indrindra, tantarao ny fomba namoronan'Andriamanitra vady ho an'i Adama. Rehefa avy eo, dia miresàha mikasika ny fahagagana voalohany nataon'i Jesosy tamin'ilay fampakaram-bady tao Kana (Jaona 2:11). Inona no antony mahafaly an'i Jesosy amin'ny fanambadiana ? Satria ve ny fanambadiana matanjaka mampiseho ny fifandraisana ety eo amin'Andriamanitra telo izay iray ?
  Hazavao fa nisy zavatra roa natsangan'Andriamanitra niaraka tamin'ny famoronana (ny fanambadiana sy ny Sabata). Ireo zavatra roa ireo dia narovany sy notehiriziny tamin'ny fomba manokana, na dia taorian'ny fahalavoana aza. Mizarà fijoroana ho vavolombelona amin'izao fotoana izao (mikasika ny fiainanao manokana na mikasika ny fiainan'ny olona hafa fantatrao) izay mampiseho fa matanjaka kokoa ny mpivady rehefa miara-miasa fa tsy mitokatokana samy maka ho azy.
- Ho an'ny mpitarika : misy fandaharam-potoana efa namboarina ho an'ny Sabata tolak'andro. Manokàna adiny roa farafahakeliny. Be dia be ireo drafitra mikasika ny vavaka azo tanterahina mandritra ny tolak'andro. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika mikasika ny fifehezana ny fotoana.
- Ho an'ny mpitarika : jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika ny vavaka.
- Ho an'ny mpitarika sy ny mpanatrika : manaova dika mitovin'ny loha-hevitra entina am-bavaka ho an'ny mpanatrika.
- Ho an'ny tokantena : omeo azy ireo tsirairay « Ny hany faniriako. »
- Ho an'ny mpitarika sy ny mpanatrika : ataovy lisitra ny mpivady rehetra ao amin'ny fiangonana mba hahazoan'ny olona mivavaka ho azy ireo, na dia tsy tonga aza izy ireo.
- Ho an'ny mpitarika : « Rehefa ny fisarahana no vahaolona tsara indrindra. » Azo atao toriteny io na dinihina mialoha ny fotoam-bavaka.

## Zavatra tokony hotadidiana mikasika ny fifadian-kanina

Satria tsy ny rehetra no afaka mifady hanina na mandingana sakafo, dia ampirisiho ireo izay afaka mba hifady izay azony fadiana amin'io andro manokana io manomboka ny maraina ka hatramin'ny hariva.
Karazana fifadiana mety hatao : tsy misotro rano, tsy misotro ranom-boankazo, fifadian-kanin'i Daniela, tsy mihinana tsindrin-tsakafo na sakafo mavesatra, tsy mampiasa ny tambazotra ara-tsosialy, sns… Ampirisiho ny mambran'ny fiangonana mba hangataka amin'Andriamanitra ny karazana fifadian-kanina tiany hotanterahin'izy ireo.
Tsy maintsy tadidiantsika fa ny fifadian-kanina dia tsy lakile majika mitondra ho amin'ny fanamarinana na ny fitahiana, na koa ho amin'ny taranja ara-panahy hafa izay arahintsika. Tsy afaka hahazo ny fitahian'Andriamanitra na valim-bavaka amin'ny alalan'ny fifadian-kanina isika, tahaka ny tsy hahazoantsika famonjena amin'ny alalan'ny tenantsika. Tahaka izany ihany koa, ny fifadian-kanina dia tsy mahasolo ny fankatoavana na ny fanoloron-tena ataon'ny tena manokana na koa ny fitiavana tahaka ny fitiavan'i Kristy. Raha ny marina, dia voambara fa « Ny fifadian-kanina na ny vavaka izay hetsehin'ny fanahy feno fanamarinan-tena dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra. » (Ellen G. White, The Desire of Ages, p. 280).
Na dia izany aza anefa, raha misafidy ny tsy hifady hanina ny olona, dia ampirisihina ihany izy ireo handray anjara amin'ny fotoam-bavaka samihafa izay tanterahina amin'io andro io. Tadidio fa Andriamanitra dia mahafantatra ny ao am-pon'ny olona, noho izany ny fanapahan-kevitra hifady hanina na tsia dia miankina amin'ilay olona sy Izy ihany, fa tsy azon'iza na iza hidirana.
Ny zava-kendren'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana dia ny fahavononan'ny tsirairay hanao fanelanelanana ho an'ny hafa. Raha eo am-pikatsahana ny Tompo amin'ny fo manetry tena isika ary mandositra ireo zavatra manintona samihafa eto an-tany, dia ho mora kokoa amintsika ny handray izay tian'Andriamanitra hotanterahina eo amin'ny fiainantsika sy amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika.
Toy izao no nambaran'i Pasitora Derek Morris : « Mifady hanina handositra izao tontolo izao isika mba hahazoantsika mifety ao amin'i Jesosy ! »

## Soso-kevitra mikasika ny fizotry ny fandaharam-potoana

**Toerana :** Mivory ao am-piangonana ny rehetra.
**Fanombohana ny fotoam-bavaka :** Aoka hisy olona iray tendrena hitarika hira maromaro, hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana.
**Vavaka fanombohana sy fiarahabana :** Ny mpitarika ny ministeran'ny vavaka na olona iray voatendry no miarahaba ny rehetra. Raha misy tokantena eo dia ampirisihina koa izy handray anjara, satria misy zavatra manokana ho azy ireo ihany koa ao anatin'ny fandaharam-potoana. Rehefa avy eo, ny mpitarika no mitarika ny fandinihina ny loha-hevitra : « Rehefa ny fisarahana no vahaolana tsara indrindra. »
**Vakiteny :** 1 Korintianina 13.
**Tari-dalana :** Omeo tari-dalana mikasika ity fotoam-bavaka ity ny mambran'ny fiangonana. Jereo ny « Tari-dalana ho an'ny mpitarika » mikasika ny karazam-bavaka azo atao sy ny fotoana amin'ny tolak'andro.

- Zarao ny takelaka mirakitra ireo loha-hevitra ho an'io andro fifadian-kanina sy fivavavahana io.
- Zarao ny lisitr'ireo mpivady rehetra ao am-piangonana, raha azo atao.
- Zarao ny takelaka misy ny « Vavaka sy Teny fikasana hotakiana ho an'ny fanambadiantsika. »
- Lazao ireo tokantena fa hisy takelaka manokana omena azy ireo rehefa misaraka ny tarika.

**Fotoana laniana amin'ny fivavahana :** ora roa fara-fahakeliny, ahitana vondrom-bavaka ataon'ny tarika sy vondrom-bavaka ho an'ny manambady/tokantena. Ho hitanareo fa hihazakazaka be io fotoana io. Maro aza no ho faly mandany ny tolak'andro amin'ny vavaka. Aoka isika hifantoka amin'ny loha-hevitra natokana hivavahana, fa tsy ho varian-dresaka na be sermona. Andro natokana hivavahana io andro io !
**Famaranana :** Manaova hira fiderana maromaro, ho fisaorana an'Andriamanitra noho izay efa hataony. Ampirisiho ny mambra hanohy hivavaka ho an'ny fanambadian'ireo olona tiany.
**Soso-kevitra :** Araka izay azo atao, faràno amin'ny fotoana manokana fiaraha-misakafo amin'ny hariva ny fotoana. Azo atao koa ny mihevitra hanao « Fiaraha-misakafo ho fanamafisana ny fitiavana » mba ho fanomezam-boninahitra ireo mpivady ao am-piangonana, miaraka amin'ny fifampizarana samihafa – izay mahafinaritra ny andaniny sy ny ankilany eo amin'ny vadiny, ny fomba nifankahitan'izy ireo, sns. Hiteraka fahagagana izany ! Ampirisiho koa ny tsirairay mba hizara fiderana sy fankasitrahana an'Andriamanitra. Hameno ny banga eo amin'ny fiainantsika izay tsy azon'iza na iza fenoina izany.

## Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny fivavahana

Satria ampirisihina ny olona mba hivavaka miverimberina, dia ampahatsiahivo izy ireo mba tsy hanao vavaka lava reny. Toy izao no nambaran'i Ellen White : « Rehefa mivory, dia manaova vavaka fohy, fa ataovy lava izany rehefa miresaka sy mifandray amin'Andriamanitra irery ao amin'ny toerana fanaovanao izany ianao. » (Manuscript Releases, vol. 10, p. 130). Noho izany, rehefa mety ho lava ny fotoana hivavahana, dia tsy tokony ho lava toy izany ny vavaka ataon'ny tsirairay. Ny fanaovana vavaka fohy dia mampisy aina ny fotoam-bavaka sady mampandeha haingana ny fotoana. Mampikambana ny fon'ny mambra izany sady mampitombo ara-panahy ny lehibe sy ny ankizy.

**Fotoanan'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka :**
Mampirisika anareo izahay mba hanomboka ny fotoana amin'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka mialoha ny hanaovana vavaka fanelanelanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra, na ho an'ny daholobe izany na ho an'ny mpivady. Toy izao no voalaza ao amin'ny Salamo 100:4 : "Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana;..." Araka izay voalaza ao amin'ny Salamo 66:18 sy Isaia 59:1-2, raha tiantsika ny hihainoan'Andriamanitra ny fivavahantsika dia tsy maintsy miaiky ny fahotantsika sy miala amin'izany isika.
Azo atao ny manomboka ny fotoam-bavaka toy izao: "Andriamanitra Rainay ô! Manatona Anao amin'ny fo feno fiderana izahay androany. Mialoha ny hanaovanay vavaka mikasika ny fanambadianay sy ny tokantranonay, dia te-hanokana minitra vitsivitsy izahay mba hiderana ny anaranao. Misaotra Anao izahay amin'ny maha-Mpanjaka mahery sy Mpanafaka anay Anao." Rehefa avy eo, dia avelao ny hafa hanohy ny vavaka. Rehefa tonga ny fotoana tokony hirosoana amin'ny fiaiken-keloka, dia tariho indray izany. Izahay dia mampirisika mba hasiana fotoana fohy ho an'ny fiaiken-keloka iombonana sy ny fiaiken-keloka ataon'ny tena manokana. Azo asiana hira eny anelanelany eny.

**Fotoam-bavaka ho an'ny fanambadiana:**
Rehefa mivavaka mikasika ireo loha-hevitra samihafa momba ny fanambadiana ianareo, na ho anareo manokana izany na ho an'ny hafa, dia ampirisiho ny tsirairay, amin'ny alalan'ny ohatra omenareo, mba hivavaka mifanaraka amin'ny tenin'Andriamanitra sy hitaky ny teny fikasany. Aoka ho voafaritra mazava tsara ny fangatahana! Mivavàha amim-pinoana! Avelao handeha araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina azy ny halavan'ny fotoana.
Eny anelanelany eny, dia azo atao ny manonona hira hain'ny rehetra sy mifanaraka amin'ny antom-bavaka. "Amin'ny maha-anisan'ny fanompoam-pivavahana azy, ny fihirana dia fomba iray hiankohofana tahaka ny vavaka. Raha ny marina, ny hira maromaro dia vavaka." (Education, p. 168). Ampirisiho ny mpikambana ao amin'ny tarika mba hifanaiky ny hitaky ny Matio 18:19 amin'ny vavaka izay ataony.

**Fotoam-bavaka ho an'ny mpivady/tokantena/ankizy:**
Mandritra ilay fandaharam-potoana amin'ny tolak'andro, avelao ny mpivady mba hitokana hivavaka mandritra ny 30 mn ka hatramin'ny ora iray. (Ireo tokantena sy ny ankizy/tanora dia tokony hanana ny vondrom-bavaka ho azy ireo manokana, izay misy mpitarika ihany koa).
Azon'ny mpivady atao ny miparitaka manerana ny fiangonana na mankany amin'ny toerana

hafa natokana hivavahana, na koa mankany amin'ny toerana manokana izay nofidin'izy ireo. Amin'ny fotoana efa voafaritra mialoha dia miverina miaraka indray ny rehetra rehefa avy eo.

**Fotoam-bavaka manokana ho an'ny tokantena (tsy manambady, nisaraka na koa tsy manatrika eo ny vadin'izy ireo) :**

Manendre olona tokantena mba hitarika azy ireo. Rehefa mandeha mitokana mba hivavaka ireo mpivady, dia avondrony ao anatin'ny tarika iray hafa ireo tokantena rehetra. Vakio amin'izy ireo « Ny hany faniriako, » ary mivavàha ho amin'izany. Ny fotoam-bavaka dia tokony hifantoka amin'ny fangatahana an'Andriamanitra mba ho Izy irery ihany no irin'izy ireo, Ilay fitiavana avy any an-danitra sy hisolo toerana ireo vady izay tsy mbola ananan'izy ireo na efa maty na koa efa nisaraka.

Mety misy amin'ireo tokantena ireo maniry ny handray ireo loha-hevitra momba ny vavaka sy hivavaka ho an'ny tenany mandritra io fotoana io. Azo ekena ihany koa izany. Rehefa tafaverina ireo mpivady, dia azon'ny vondron'ireo tokantena atao ihany koa ny mitambatra amin'izy ireo indray. Eny, fa na dia mafy aza izany hoe tokantena izany amin'ny andro natokana ho an'ny mpivady, dia ampirisiho izy ireo mba hivavaka ho an'ireo mpivady koa, na ray aman-dreny izany na olona tiana.

Soso-kevitra mety hanampy anareo hanomboka ny fotoana ihany ireo. Fa ny tena zava-dehibe, dia ny famelana ny Fanahy Masina hitarika mandritra io fotoam-bavaka io !

**Manao vavaka fanelanelanana ho an'ny fanambadiantsika**
(Loha-hevitra ho an'ny vavaka sy Hevi-dehibe)

"Tsara ny roa noho ny iray; fa misy valiny tsara ny fisasarany." Mpitoriteny 4:9.

VAVAKA IOMBONANA HO AN'NY REHETRA:

- MIDERA AN'ANDRIAMANITRA : Atombohy amin'ny fiderana sy fiankohofana amin'Andriamanitra amin'ny maha-Izy azy ny fotoam-bavaka. Tena afaka manasitrana sy mamerina amin'ny laoniny ny fo torotoro Izy. Azony atao koa aza ny manatsara bebe kokoa ny fanambadiana !
- MIDERA AN'ANDRIAMANITRA NOHO NY AMIN'NY VADINAO : Na manao ahoana na manao ahoana ny fifandraisanareo ankehitriny, makà fotoana hideràna an'Andriamanitra noho ny amin'ny vadinao, ny amin'ny fanambadian'ireo ray aman-dreninao, ny amin'izay vady mety homeny anao aoriana kely ao. Miderà Azy noho ny amin'ireo fanambadian'olon-kafa izay nisy akony tsara teo amin'ny fiainanareo sy ny fidirany an-tsehatra teo amin'ny fiainanareo sy tamin'ny alalan'ny fifandraisanareo.
- FIAIKEN-KELOKA IOMBONANA : Ny dingana manaraka dia ny firosoana amin'ny faiken-keloka iombonana, fangatahana famelan-keloka amin'Andriamanitra noho ny fitiavan-tenantsika sy ny avonavona ary ny famelantsika ny fahavalo hahazo vahana tao amin'ny tokantranontsika sy ny fifandraisantsika. (Ampirisiho ny mambra mba hiaiky ny fahotana izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina azy ireo ; ireo fahotana izay nataon'ny tena mitokana kosa dia mitokana ihany koa no hiaikena izany.)
- FIAIKEN-KELOKA ATAON'NY TENA MANOKANA : Makà fotoana hiaikenareo ny fahotana nataonareo, miaraka amin'ny fangatahana an'Andriamanitra mba hampiseho ireo fahotana mbola tsy nekena mba hiverenan'ny zavatra rehetra amin'ny laoniny.
- FANGATAHANA HO AN'NY FANAMBADIAN'IREO MPITARIKA NY FIANGONANA : Mangatàha amin'Andriamanitra mba hanisiany fefy eo amin'ny fanambadian'ireo mpitarika ny fiangonana, manomboka amin'ny pasitoran'ny fiangonana, distrika ka hatrany amin'ny Diviziona. Ny famelezan'ny fahavalo dia manomboka mandrakariva ao amin'ny tokantrano sy ny fiainan'ny isam-batan'olona. Mangatàha mba hahazoan'Andriamanitra mandrodana ny fikasan'ny fahavalo rehetra.
- FANGATAHANA HO AN'NY FANAMBADIAN'IREO MAMBRAN'NY FIANGONANA/MPANATRIKA : Mivavàha ho an'ireo mpivady rehetra ao am-piangonana izay ao anaty lisitra. Mety manatrika eo ny ankamaroan'izy ireo. Manaova faribolana ary mivavàha ho an'ireo mpivady izay manatrika araka izay azo atao.
- FANGATAHANA HO AN'NY FANAMBADIAN'IREO MAMBRA NIHEMOTRA : Mivavàha ho an'ny fanambadian'ireo mambra izay tsy tonga mivavaka intsony. Mety ho vokatry ny fihetsika nataon'ny vadiny no nahatonga azy ireo ho kivy ara-panahy. Mivavàha mba hiverenan'ny fifandraisan'izy ireo amin'ny laoniny sy mba hiverenan'izy ireo mivavaka indray.

- FANGATAHANA HO AN'NY FANAMBADIAN'IREO MPIFANOLOBODIRINDRINA/ NAMANA : Mivavàha ho an'ireo olona akaiky anareo. Mety ho tsy mambran'ny fiangonana na mitovy finoana aminareo izy ireny, kanefa tian'Andriamanitra ihany koa ny hamerina amin'ny laoniny ny fon'izy ireo torotoro. Mivavàha ho an'ny fanambadian'ireo namana sy olon-tiana izay mety mbola tsy voatonona teo aloha.
- FANGATAHANA HO AN'IREO IZAY MIJALY NOHO NY FISARAHAN-TOERANA NA NOHO NY FISARAHAM-PANAMBADIANA : Mivavàha ho an'ireo izay misara-panambadiana mba hahazoan'izy ireo mahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanohanana ary ny fitiavana avy amin'ny fiangonana. Mivavàha mba hahitan'izy ireo fahasambarana sy fitiavana indray, raha sitrapon'Andriamanitra, ka na dia ataon'ny fahavalo aza ny tsy hahitan'izy ireo ny lafi-ratsiny, dia hain'Andriamanitra kosa ny mamadika izany ho tsara ! (Asaina mankeo afovoany ireo rehetra izay voakasika ary ny sisa kosa manao faribolana ety ivelany manotrona sy mivavaka ho azy ireo).
- FANGATAHANA HO AN'IREO FANAMBADIANA VAO HAORINA ATY AORIANA : Mivavàha ho an'ireo tokantena ao am-piangonana, mba hitarihan'Andriamanitra azy ireo hahita ny vady sahaza ho azy ireo amin'ny fotoanany. Mivavàha mba hamelan'izy ireo an'Andriamanitra hisafidy sy mba tsy hahatonga azy ireo handeha an-jambany ka ho diso safidy. (Asaina mankeo afovoany ireo rehetra izay voakasika ary ny sisa kosa manao faribolana ety ivelany manotrona sy mivavaka ho azy ireo).
- FOTOAM-BAVAKA HO AN'NY MPIVADY : Ny mpivady tsirairay dia tokony hifidy toerana mitokana mba hivavahan'izy ireo.
- FIDERANA ATAON'NY MPIVADY : Raha mbola mifandray tanana ny mpivady, dia asaina midera an'Andriamanitra izy ireo ny amin'ny zavatra tsara momba ny vadiny sy ny fomba nitahian'Andriamanitra azy ireo sy ny fanampiany azy ireo hitombo sy hivoatra noho ny hery miasa mangina avy amin'ny ankilany. Aoka ho voafaritra mazava tsara ny anton'ny fankasitrahana.
- FIAIKEN-KELOKA ATAON'NY MPIVADY : Angatàho Andriamanitra hamela ny helokareo tamin'ny fomba izay mety nandratranareo ny vadinareo na tamin'ny teny izany na tamin'ny fihetsika, na koa tamin'ny safidy izay natao. Aoka ho voafaritra mazava tsara izany ! (Mangatàha famelan-keloka amin'ny vadinareo tamin'ny zavatra rehetra izay nampahatsiahivin'Andriamanitra anareo).
- Angataho Andriamanitra mba hamela ny helokareo noho ny avonavona, ny fitiavan-tena ary koa tamin'ny fotoana izay nahatonga anareo niaro ny tenanareo tsy nisy firaharahaina ny vadinareo na ny zon'izy ireo. (Mangatàha famelan-keloka amin'ny vadinareo tamin'ny zavatra rehetra izay nampahatsiahivin'Andriamanitra anareo).
- Angataho Andriamanitra mba hamela ny helokareo tamin'ny tsy nanehoanareo taratra ny fitiavany sy ny famindram-pony, araka izay voasoratra ao amin'ny 1 Korintianina 13, tamin'ny vadinareo na tamin'ny ankohonanareo.
- FITALAHOANA ATAON'NY MPIVADY : Miaraha-mivavaka ianareo araka ny « Fivavahana sy ny teny fikasana ho an'ny fanambadianareo, » makà fotoana hangatahanareo famelan-keloka amin'ny vadinareo tamin'ny tsy nahazoanareo nanatanteraka izay voalazan'ny teny fikasana sy ny tsy niainanareo ny tari-dalana avy amin'ny Soratra Masina araka ny tokony ho izy.

- Mivavàha mba tsy hanananareo fanambadiana feno fahasambarana fotsiny, fa koa mba hahatonga ny fiainan-tokantranonareo hanampy ny hafa ho tonga any any amin'ny fanjakan'ny lanitra noho ny fijoroana ho vavolombelona asehonareo.
- Mivavàha mba hamadihan'Andriamanitra ho tsara ny zavatra rehetra izay nokasain'ny fahavalo haratsiana (Eks. 50:20).
- Raha manana fotoana ianareo, dia vakio ny 1 Korintianina 13 ary miaraha-mivavaka mba hahatanteraka izany. Angataho Andriamanitra mba hahatonga izany ho zava-misy eo amin'ny fiainanareo.
- FANKASITRAHANA ATAON'NY MPIVADY : Faràno amin'ny fiderana an'Andriamanitra izany noho izay azony hatao sy ho tanterahina noho ny fanoloran-tenanareo sy ny fileferanareo amin'ny sitrapony. Misaora an'Andriamanitra indray noho ny amin'ny vadinareo sy ny hahazoanareo mifanampy amin'ny fiomanana ho any an-danitra. Manapàha hevitra amin'ny fanohizana ny fivavahana miaraka sy amin'ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fifandraisanareo.
- FANAMARIHANA : Alohan'ny hiverenanareo any am-piangonana, samia mangataka amin'ny vadiny avy izay azonareo atao mba hahazoanareo mifaneho fitiavana sy fanajana amin'ny fomba miavaka amin'ny herinandro ho avy ; ezaho izay hampiharanareo izay nambara taminareo, noho ny herin'Andriamanitra. Manaova drafitra mba hitohizan'ny fiarahanareo mivavaka, tsy hoe tsindraindray fotsiny fa isan'andro mihitsy !
- FOTOAM-BAVAKA HO AN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY : Ankoatry ny vavaka izay atao ho an'ny fanambadiana ao am-piangonana, dia aza adino koa ny mitondra am-bavaka ireo antom-bavaka iraisan'ny fiangonana maneran-tany.
- Mivavàha mba hahatonga ny fiangonantsika manerana izao tontolo izao ho trano fivavahana, izay ahazoan'ny mambra manao vavaka fanelanelanana ho an'ny fanambadiana, ho an'ny tokantrano, ho an'ny ankizy ary ny firenena manodidina antsika.
- Aza adino ihany koa ny mivavaka ho an'ireo mambra vaovao izay vao avy nanatevina ny laharana vokatry ezaka fitoriana ny filazantsara tany Ukraine, Georgia, Romania ary Moldova tamin'ny volana Febroary 2017.
- Aza adino ihany koa ny mivavaka ho an'ny pasitoran'ny fiangonana, ireo mpitantana ao amin'ny Federasiona sy ny Fivondronambe ary ny Diviziona. Angataho Andriamanitra mba hanome azy ireo fahendrena sy hanatanjaka azy ireo amin'ny andraikitra sahaniny avy.
- Aza adino ihany koa ny mivavaka mba handrosoan'ny asa any amin'ny varavarankely 10/40. Mivavaha mba ho maro ny misionera tafiditra any.
- Aza adino ihany koa ny mivavaka ho an'ny mambra tsirairay ao amin'ny fiangonanao mba hahatsapan'izy ireo ny maha-zava-dehibe ny fandraisana anjara amin'ny fitoriana ny Filazantsara amin'ireo olona izay manana fifandraisana amin'izy ireo.

- Mivavàha mba hahatonga antsika hatanjaka amin'ny maha-fiangonana sy isambatan'olona, na inona na inona ady sarotra izay tsy maintsy atrehina satria efa mihamanakaiky ny fiavian'i Jesosy fanindroany isika.

**Loha-hevitra natao hodinihina sy hosaintsainina mandritra ny andron' ny fifadian-kanina sy fivavahana, Sabata 7 Aprily 2018.**

**« Rehefa ny fisarahana no vahaolana tsara indrindra. »**

Nosoratan'i Pasitora Martin Kim, evanjelisitra mpivavaka sady misionera.

« Amin'ny maha-pasitoranareo ahy, dia tena mampirisika ny fisarahana mihitsy aho. » Izany no nolazaiko tamin'ny mambra Sabata vao tsy ela akory izay. Fantatro fa mifantoka amiko ny sain'izy ireo izao. Manantena aho fa tsy hisy hatory na dia iray aza ianareo mandritra ny toriteny. Ohatra ny azoko an-tsaina ny hevitra mifamoivoy ao an-tsain'izy ireo ao : Manao fampianaran-diso ve izy ? Ity ve no toriteny farany torin'io pasitora io eny ambony polipitrantsika ?

Alohan'ny hanazavako aminareo ny antony mahatonga ahy hampirisika ny fisarahana ho vahaolona amin'ireo olana ara-panambadiana, dia mamelà ahy ianareo hametraka tsara ny tontolon-kevitra amin'ny alalan'ny fanazavana ireo dingana enina eo amin'ny fanambadiana. Ny antony mahatonga ireo dingana enina ireo, dia noho ny fidiran'ny fahotana teto amin'izao tontolo izao. Raha toa mantsy ka tsy lavo ny olombelona sady mbola nipetraka tao amin'ny Saha Edena, dia ho ny dingana voalohany sy ny dingana fahenina ihany no mety ho nolalovantsika. Vokatry ny fakam-panahy sy ny fidiran'ny fahotana anefa dia tsy maintsy mandalo amin'izy enina isika.

Ny dingana voalohany : Ny volan-tantely. Eo amin'io dingana io dia mahafinaritra sy tomombana avokoa ny zavatra rehetra. Manoro hevitra ireo mpivady vao aho mba hahay hanararaotra tsara ny minitra tsirairay mandritra izany. Mety ho tsara kokoa ny manao fampiharana amin'ny fizarana mampiasa ireto fomba fiteny manaraka ireto : « Tiako ianao ! Miala tsiny aho ! Hamela ahy ve ianao ? Mamela anao aho. »

Raha mbola ao anatin'ny fotoanan'ny volan-tantely, dia tsy mitaky ezaka firy ny fitenenana azy ireo. Tsara ny mamboly fahazarana miteny ireo zavatra ireo satria rehefa tonga eo amin'ny dingana faharoa, dia efa mihasarotra izany. Mignon McLaughlin, mpanao gazety sy mpanoratra amerikanina, dia namehy tamin'ny fomba mendrika ity dingana ity toy izao :

« Mampangoraka ny mpivady vao rehetra. Mikarakara sakafo tsara ho an-drangahy ramatoa, ho setrin'izany dia hitondran-drangahy voninkazo izy, sady mifanoroka izy ireo no mihevitra fa : *Mahafinaritra ny fanambadiana*. »

Mialoha ny hidirantsika amin'ny dingana faharoa amin'ny fanambadiana, dia hevero ity fanontanina manan-danja ity : Inona no antony tsy namelan'Andriamanitra antsika hiaina mandrakariva ao anatin'ny fotoanan'ny volan-tantely mandritra ny fanambadiana iray manontolo ? Inona no antony mahatonga Ilay Andriamanitra fitiavana mampisy farany ity fotoanan'ny volan-tantely ity ?

Efa mba nieritreritra ny amin'izany ve ianareo ? Mino aho fa ny mahatonga izany dia satria liana kokoa amin'ny fahamasinantsika noho ny amin'ny fahasambarantsika Andriamanitra. Ny antony mahatonga Azy hanao izany dia satria liana koa amin'ny fahasambarantsika Izy. Tsy misy tena fahasambarana ivelan'ny fahamasinana. Ao amin'ny Matio 5:8, dia nanambara i Jesosy fa « Sambatra ny madio am-po. » Raha lazaina amin'ny teny hafa dia

izao no tiany holazaina : « Sambatra ireo izay masina. »
Ao amin'ny Matio 5:4, dia nanambara i Jesosy fa : « Sambatra ny ory; fa izy no hampifalina. » Teny fikasana natao hampaherezana ireo izay ory noho ny fanambadiany izany. Ho an'ny maro mantsy, dia tonga enta-mavesatra, ozona ny fanambadiana.
Toy izao no nolazain'i Ellen White mikasika io fampanantenana nataon'i Jesosy ho an'ireo izay ory io : « Ny teny izay nambaran'i Tompo dia mirakitra hafatra ho fampaherezana ireo izay mijaly noho ny fahoriana na noho ny fahafatesana. Ny alahelontsika dia tsy mipoitra avy ao anatin'ny tany. « Fa tsy sitrak'Andriamanitra ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona. » (Fitomaniana 3:33) Matoa avelany mitranga eo amin'ny fiainantsika ny fitsapana sy ny fahoriana, dia ny "hahasoa mba handraisantsika ny fahamasinany." (Hebreo 12:10). (*Thoughts From the Mount of Blessings,* p. 10). Toy izao no filazako ilay fehezanteny farany : « Matoa avelany hifarana ny fotoan'ny volan-tantely, dia ny hahasoa antsika, mba hahatonga antsika handray anjara amin'ny fahamasinany. » Mbola mitohy ilay fanambarana : « Raha raisina amim-pinoana, ny fitsapana izay toa mangidy sy sarotra entina dia hitondra fitahiana. Ny rivotra tsy mifaditrovana nitsoka izay nanimba ny fifaliana teto an-tany dia fomba izay natao hampitodika ny fijery ho any an-danitra. Betsaka ireo izay mety tsy ho nahafantatra an'i Jesosy raha tsy nandalo tamin'ny alahelo izay nahatonga azy ireo hikatsaka fampaherezana avy Aminy ! »
Toy izao indray no fomba ilazako azy : « Betsaka ireo izay mety ho tsy nahafantatra an'i Jesosy raha tsy nisy farany ny volan-tantely, izay nitarika azy ireo hikatsaka fampaherezana avy Aminy ! » Ilay Andriamanintsika, izay maniry mba hahatonga antsika ho mpandray anjara amin'ny fahamasinany, dia mamela antsika nandalo tamin'ny dingan'ny volan-tantely ho amin'ny dingana manaraka.
Rehefa nanontany ny mambra aho ny amin'izay mety ho dingana manaraka, dia nisy anankiray nihika mafy hoe, « Ny dingan'ny nofy ratsy ! » Mihevitra aho fa izay ny fanambarana mifanentana amin'ny tena izy.
Ny dingana faharoa dia ny : « Inona no noeritreretiko ? » Rehefa tonga eo amin'ny dingana faharoa ny mpivady, dia samy mieritreritra hoe : « Izaho sy ny vadiko dia tena mifanohitra mihitsy. » Ho an'ny ankamaroan'ny mpivady, ireo izay nahasarika azy ireo tamin'ny vadiny dia tonga fahasorisorenana ho azy ireo. Ohatra, taloha dia satry foana hiaraka amin'ny vady sy ny ankohonana ao an-tokantrano ; amin'izao dia mitady fomba mandrakariva hiarahana amin'ny namana any ivelany.
Ny dingana fahatelo, eo matetika no mitranga ny fisaraham-panambadiana. Tsy inona izany fa : « *Mety hahafinaritra ny zavatra rehetra raha miova ianao.* » Rehefa hanambady isika, dia nifidy ny olona iray izay tonga mpiara-dia amintsika avy amin'ireo olona 7 lavitrisa eto ambonin'ny tany, ary vetivety eo dia hoy indray isika hoe : « Tsy maintsy miova ianao. » Voalaza fa rehefa hanambady ny vehivavy dia izao no hevitra ao an-tsainy, « Ataoko izay hiovany. » Ny lehilahy kosa rehefa hanambady dia mieritreritra hoe « Tsy hiova mihitsy izy. »
Noho izany, raha eto amin'ity dingana fahatelo ity no misy anareo, dia tena mampalahelo raha toa ka rava eo ny tokantrano sy ny fanambadiana, tena mampirisika ny fisarahana mihitsy aho eto. Eny, marina izay novakianareo. Averiko indray : « Tena mampirisika ny fisarahana mihitsy aho eto. »
Manaiky amin'ny foko manontolo ity fanambarana nataon'i Jerry McCant ity aho : « Tsy ho sambatra na oviana na oviana ianao eo amin'ny fanambadianao mandra-pisarakao amin'ny

tenanao. Ny fahombiazana eo amin’ny fanambadiana dia mitaky fahafatesana ny amin’ny tena. » (*God's Little Instruction Book for Couples)*

« Maty isan’andro aho » hoy ny Apostoly Paoly ao amin’ny 1 Korintianina 15:30. Toy izao no nambarany ao amin’ny Galatianina 2:20 : « Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy. »

Isika ihany koa dia tsy maintsy maty ny amin’ny tenantsika raha iriantsika ho fahombiazana ny fanambadiantsika. Diniho tsara ireto teny ireto izay voarakitra ao amin’ny Tari-dalana fiomanana ho amin’ny fanambadiana « *Mialoha ny hitenenanao hoe ‘Eny’,* » izay nosoratan’i H. Norman Wright sy Wes Roberts : « Ny fanambadiana dia fomba fanadiovana iray izay ampiasain’Andriamanitra mba hahatonga antsika ho lehilahy sy vehivavy araka izay haniriany antsika. Eritrereto izany. Ampiasain’Andriamanitra ny fanambadianareo mba hahatanteraka ny fikasany. Mamolavola sy manadio anareo Izy ho tombontsoanareo sy ho fanehoana ny voninahiny. » (p. 8).

Inona izany ny fanambadiana ? Fomba iray fanadiovana izany, tahaka ny lafaoro. Tena misy hafanana be ao anaty lafaoro. Tsy maintsy mitadidy isika fa ny afo dia tsy natao hamotika, fa kosa natao hanala ny tain-drendrika rehetra. Niresaka ny amin’izany ihany koa i Ellen White : « Ny lafaoro fanadiovana dia natao hanalana ny tain-drendrika. Rehefa hitan’Ilay Mpanadio fa tena maneho ny endriny tsara ianareo, dia hanala anareo avy ao anatin’ny lafaoro Izy. » Tsy avela ho lany na hiaritra fitsapana mivaivay ianareo mihoatra noho izay ilaina amin’ny fanadiovana anareo. » (*Our High Calling*, p. 312). Azontsika atao tsara ny hahomby eto amin’ity dingana fahatelo ity raha toa isika vonona hisaraka amin’ny tenantsika ary manaiky fa fanirian’Andriamanitra ny hahatonga antsika hanahaka ny endrik’i Kristy.

Ny dingana fahefatra : *Nisafidy ny ho tia sy hanaiky anao amin’ny maha-ianao anao aho.*

Niantso antsika mba hanao araka izay nataon’Andriamanitra tamintsika, amin’ny vadintsika isika. Nifidy ny ho tia antsika Izy, ary izany dia tsy satria efa nanomboka nibebaka sy nanao zavatra tsara isika. Toy izao no ambaran’ny Baiboly : « Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy. » (Romana 5:8). Toy izao no navalin’i Jesosy rehefa nokapohina sy nesoina izy, « Tiako ianareo. » Toy izao no navaliny rehefa nandetika ny fantsika tao amin’ny tanany izay nanao izany, « Ray ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony. » (Lioka 23:34). Toy izao no nambaran’i Paoly ao amin’ny Efesianina 5:25 : « Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy …” Antsoin’Andriamanitra isika mba ho tia ny vadintsika amin’ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena tahaka ny nitiavany antsika.

Raha azontsika atao ny ho faty ny amin’ny tenantsika sy mianatra ny ho tia amin’ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena noho ny Heriny sy ny famindrampony, dia afaka ny handroso ho amin’ny dingana fahadimy sy fahenina isika.

Ny dingana fahadimy : « *Fitahiana ho ahy ny nananako anao teo amin’ny fiainako.* »

Ary ny dingana fahenina dia : « *Tiako ny hiaraka ho antitra aminao*. »

Raha eo an-dalana ho any an-danitra miaraka amin’ny vadintsika isika, dia tadidio fa Andriamanitra dia mampiasa ny fanandramantsika isan’andro eo amin’ny fanambadiana mba hanova antsika hahazoantsika mampiseho ny toetran’i Kristy. Voambara fa : « Tsy maintsy mandeha ny asa fanadiovan’Andriamanitra mandra-pahatongan’ny mpanompony

hanetry tena marina, tena ho faty ny amin'ny tena ; amin'izay rehefa miantso ho amin'ny asa fanompoana mavitrika izy, ny mason'izy ireo dia tsy hahita afa-tsy ny voninahiny. Entin'Andriamanitra ho eo amin'ny toerana farany ambany foana ny olona, miaraka amin'ny tsindry miha-mahery vaika mandra-pahatongan'ny fanetren-tena tanteraka sy ny fiovan-toetra hitondra azy ireo ho amin'ny firindrana ao amin'i Kristy sy ny fananana ny toe-tsain'ny lanitra, ary izy ireo dia handresy ny tenany. » (*Testimonies for the Church,* vol*.* 4, p. 86).

Aoka tsy hohadinointsika fa Andriamanitra dia mitondra antsika ho eo amin'ny toerana farany ambany foana mandra-pahatongantsika hitovy amin'i Kristy. Izany dia mety hanazava ny antony mahatonga ny vadinareo hamerimberina ireo zavatra manorisory sy tsy tianareo ka mety mampahalasa anareo ho adaladala indraindray. Raha izany no fanandramana iainanareo, dia tena mampirisika anareo aho mba hisaraka amin'ny tenanareo androany. Amin'izay, dia afaka hiaraka hiteny amin'ny Apostoly Paoly isika manao hoe : « Maty isan'andro aho. »

**Vavaka sy teny fikasana natao hotakiana ho an'ny fanambadiantsika**

Midera Anao aho Tompo ô, noho ny drafitra nataonao mikasika ny fanambadiana. Nataonao ho nofo iray ihany izahay. Asehoy anay ny fomba mba hahatonga anay ho « nofo iray ihany » ho voninahitrao !
"Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy… Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; dia ho nofo iray ihany ireo." (Genesisy 2:18, 24).
Midera Anao aho Tompo ô satria hainao ny mahatonga ny tokantranonay sy ny fanambadianay hatanjaka. Raha ny marina, dia fanirianao ny hahatonga ny fiainanay hatanjaka fa tsy hisaratsaraka. Asehoy anay ny fomba hahazoan'ny fanambadianay hanome voninahitra Anao. Ampio aho mba hahay hampitodika ny vadiko ho any an-danitra !
"Raha tsy Jehovah no manao ny trano, Dia miasa foana ny mpanao azy." (Salamo 127:1).
« Tsara ny roa noho ny iray; fa misy valiny tsara ny fisasarany. Raha misy lavo izy, dia arenin'ny namany; fa mahantra ny lavo izay tsy manana namana hanarina azy. » (Mpitoriteny 4:9, 10).
Midera Anao aho Tompo ô noho ny fanomezan'ny fitiavana. Ampio aho mba tsy hanadino ilay fitiavana voalohany sy ny nanehoako izany tamin'ny vadiko tamin'izahay vao niaraka voalohany. Ampio aho mba tsy hampalahelo ny Fanahy Masina amin'ny fomba fitondrako ny vadiko ankehitriny!
« Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana. Esory aminareo ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy. » (Efesianina 4:30-32).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny nanomezanao Anay ny ohatra faratampon'ny tsy fitiavan-tena sy ny fitiavana tsy mila taminy. Tsy manana izany karazana fitiavana izany voajanahary aho Tompo ô. Fantatro fa azonao omena ahy izany ! Asehoy ahy ny fomba hahazoako mitia ny vadiko tahaka ny nitiavanao.
« Maty isan'andro aho. » (1 Korintianina 15:31).
« Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra* ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana. » (1 Korintianina 13:4-8).
Midera Anao aho Tompo ô satria te-honina ao amin'ny tokantranoko Ianao ! Asehoy ahy ny fomba tokony atao mba hahatonga ny tokantranonay ho « sombin-danitra » ety an-tany, izay tian'ny anjely hovangiana. Asehoy ahy ny fomba fitenenana amim-pitiavana, mamaly amim-pitiavana ary manompo amim-pitiavana tsy misy fitiavan-tena.
"Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy…" (Ohabolana 15:1).
« . . . ataovy izay hahatonga ny tokantranonay ho sombin-danitra kely ety an-tany. Azonao atao ny manao izany. Azonao atao ny hahatonga ny tokantranonay hahafinaritra sy ho feno fifaliana ka hahatonga izany ho toerana manintona indrindra eto ambonin'ny tany ... » (*Sermons and Talks,* vol. 2, p. 200).

Midera Anao aho Tompo ô, noho ny fahari-po sy ny faharetana asehonao amiko. Mamelà ny heloko tamin'ny fotoana nampahatezitra, niarovako tena tamin'ny avonavona sy nandratrako ny izahoko. Asehoy ahy ny fomba hahatonga ny fiainako ho feno fitiavana, tahaka izay nataonao tamiko !
« Raha toa ka ahilika ny avonavona sy ny fitiavan-tena, dimy minitra monja dia ampy hanesorana ny olana sarotra indrindra. Nitomany ny anjely ary tsy faly Andriamanitra tamin'ny fotoana izay nolaniantsika tamin'ny fanamarinan-tena. » (*Early Writings,* p. 119).
« Hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo. Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy... » (Efesianina 5:22, 25).
Midera Anao aho Tompo ô noho ny amin'ny ankohonako! Ampio aho mba hanome voninahitra sy hanaja azy ireo, ho tia azy ireo, hanome sakafo azy ireo, ary hampahery azy ireo mba hizotra ho any an-danitra eo amin'ny fiainany sy ny asa fanompoana ataony. Ampio aho mba ho mpitarika mahay mampifalifaly azy ireo sy hankafizin'izy ireo ! Ampio izy ireo mba hahita isan'andro ny sarin'i Jesosy eo amiko. Ampianaro aho mba hahay hitia tahaka Anao Tompo ô !
« Iza no mahita vehivavy tsara? Fa ny tombany dia mihoatra lavitra noho ny voahangy. Matoky azy ny fon'ny lahy, Ary tsy mitsahatra ny fanambinana azy. Soa no ataon-dravehivavy aminy, fa tsy ratsy, Amin'ny andro rehetra iainany… Ny lahy dia hajaina eo am-bavahady, Raha miara-mipetraka eo amin'ny loholona." (Ohabolana 31:10-12, 23).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny nanomezanao anay ny ohatry ny fitiavana tena izy. Fitiavana tena izy izay manombo ny izaho fa tsy manombo ny hafa. Mbola lavitra ny lalana halehako Tompo ô ! Ovay aho, ampitomboy aho, ampio aho mba ho ilay vady izay nantsoinao araka ny tokony ho izy.

"Homboy ny izaho, fa aza mitady hanombo ny (vadinao). 'Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy.' Matio 16:24." (Letter 11, 1905).
« Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy." (Salamo 119:165).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny ohatry ny fanompoana izay nasehonao. Aoka mba ho izaho no hanompo ny vadiko fa tsy hitady ny hotompoina ! Ataovy izay hahatonga ny tokantranonay hanandrana ny tsiron'ny lanitra dieny ety an-tany.
« Ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo." (Matio 20:27).
"Ny tokantrano izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no tandindon'ny lanitra tsara indrindra. Raha tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra, ny mpivady (lahy sy vavy) dia hifanaja ary hikolokolo ny fitiavana sy ny fifampitokisana. » (*Adventist Home*, p. 15).
Midera Anao aho Tompo ô, tamin'ny nanaovanao ny lehilahy sy ny vehivavy ho samy hafa noho ny antony izay ianao ihany no mahalala. Vehivavy : Ampio aho mba hanome voninahitra sy hanaja ny vadiko amin'ny maha-lohan'ny tokantrano azy. Lehilahy : Ampio aho mba ho tia sy hahay haneho fitiavana ny vadiko amin'ny maha-izy azy manontolo ao Aminao.
« Aoka ny mpampakatra sy ny ampakarina, eo anatrehan'ireo tontolo any an-danitra, hanao voady fa hifankatia araka izay nikendren'Andriamanitra azy. Ny vehivavy dia tokony hanaja sy hanome voninahitra ny vadiny, ary ny lehilahy dia tokony ho tia sy haneho fitiavana ny vadiny.
(Vavaka ataon'ny lehilahy) : Ampio aho mba ho tsara fanahy, ho malemy fanahy, hanana fo

mangoraka ary hamela heloka. Ampio aho mba ho tena lohan'ny tokantranoko marina tokoa ary haneho ny toetran'i Kristy amin'ny hafa. » (Adventist Home, pp. 103, 205).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny nampianaranao ahy mba hanandratra ny tanan'ny vadiko amin'ny alalan'ny fivavahana. Ny vavaka ataoko anie dia ho fanehoam-pitiavana sy ho loharanon'ny fampaherezana ho an'ireo tsy mpino izay velona eto an-tany ! Ampianaro ahy ny fomba hiarahako mivavaka amin'ny vadiko sy hivavaka ho azy isan'andro.
« Izy dia miandry anao mba hanantena zavatra goavana avy Aminy. » (*Christ's Object Lessons*, p. 146). « Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo." (Matio 7:7).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny nanomezanao ahy sofina roa sy vava iray, midika izany fa tokony hihaino bebe kokoa aho fa tsy hiresaka betsaka. Ampio aho mba tsy hitaraina, tsy hanakiana, tsy hanorisory na hanimba ny vadiko amin'ny teniko. Ampio aho mba hahatonga ny teny avoakako hampahery sy hahatonga ny vadiko hanome voninahitra Anao.
« Ny teny atao amin'ny antony dia poma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra." (Ohabolana 25:11).
"Tezera, fa aza manota; ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. Aza manome fitoerana ho an'ny devoly… Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana." (Efesianina 4:26, 27, 29).
Midera Anao aho Tompo ô fa Ianao no vatolampiko sy fanorenana ho ahy. Ampio aho aho mba ho vato fanitsaka fa tsy ho vato fanafintohinana mba hampahery ny vadiko ka hananany fifandraisana bebe kokoa Aminao. Amin'ny maha-iray anay, mba ho tonga hery hanome voninahitra Anao ao am-piangonana anie izahay!
"Fahendrena no anaovana trano; Ary fahalalinan-tsaina no mampaharitra azy; Sady fahalalana no hamenoana ny efi-trano Amin'izay harena soa sy mahafinaritra rehetra." (Ohabolana 24:3, 4).
"Ny vady vehivavy, izay mikambana amin'ny vadiny amin'ny fahatahorana ny Tompo, dia ho tonga tanjaka sy hery ho an'ny fiangonana." (*Manuscript Releases*, vol. 10, p. 179).
Midera Anao aho Tompo ô amin'ny hanomezanao risi-po sy tanjaka ho an'ny vadiko mba hahazoany mijoro tsara ho Anao, na inona na inona olana na tafiotra izay tsy maintsy hosedrainay amin'ny ho avy. Ampio izahay mba tsy ho menatra noho ny amin'ny Anaranao !
«Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy." (Matio 16:24).
« Ary amin'izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra." (Matio 10:32).
Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny niarovanao ny vadiko tamin'ny lainga nafafin'ny fahavalo. Ampio izy mba hanana ny tanjaka ara-tsaina ilaina mba hahazoany mandositra ny fakam-panahy sy hitady ny sandrinao mahery. Na amin'ny alahelo na amin'ny fitsapana, mba ho Ianao anie no ho batery fiarovana sy Mpanafaka azy.
"Ny anaran'i Jehovah dia tilikambo mafy; Ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy." (Ohabolana 18:10).
"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika." (1 Korintianina 15:57).
Midera Anao aho Tompo ô fa azonao natao ny nampahatanjaka ny vadiko tamin'ny fotoana izay naha-osa anay. Azonao atao ny manafaka azy tamin'ny fatorana izay nitadiavan'i Satana hamatorana azy. Azonao atao ny mahatonga azy ho mpandresy mahery ao Aminao rehefa

mandohalika mivavaka amim-panentren-tena izy sady miantoraka eo anoloan'ny seza fiandriananao.
“Handroso eo alohanao Aho ary handravona ny mikitoantoana sy hanorotoro ny varavarana varahina ary hanapatapaka ny hidy vy; dia homeko anao ny rakitra ao amin'ny maizina sy ny harena nafenina ao amin'ny mangingina, mba hahafantaranao fa Izaho no Jehovah Izay miantso anao amin'ny anaranao, dia Andriamanitry ny Isiraely.” (Isaia 45:2, 3).
Midera Anao aho Tompo ô satria Ianao irery no afaka manome fahafaham-po anay amin'ny hetahetanay. Enga anie izahay mba hanana faniriana lalina ny hiara-mandeha aminao. Enga koa anie izahay mba hikatsaka fitomboana hatrany amin'ny maha-mivady anay, eo amin'ny fifampizakana, fitiavana, faharetana ary fifaliana!
“fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay.” (Jaona 4:14).
Midera Anao aho Tompo ô satria na dia manao ny ezaka rehetra mba hahasambatra anay aza izahay, dia Ianao irery ihany no loharanon'ny fitiavana sy ny fahatanterahan'ny zavatra rehetra. Ampio izahay mba hampifantoka ny masonay any Aminao ary ho feno mandrakariva ao Aminao mba hahazoanay mifampizara.
“Ry malala, raha izany no nitiavan'Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika. Tsy mbola nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany. Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny… Isika tia, satria Izy efa dia antsika taloha.” (1 Jaona 4:11-13, 19).
Midera Anao aho Tompo ô, noho ny teny fikasanao fa raha manome voninahitra Anao izahay, dia hamoa be. Enga anie ny vadiko mba ho ilay hazo mamoa nambolena teo amoron'ny renirano. Enga anie ny fanambadianay mba hiroborobo hatrany ary hisy vokatra tsara. Enga anie izany mba ho fijoroana ho vavolombelon'Ilay Andriamanitry ny fahagagana izay tompoinay, satria tsara Ianao!
“Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira; Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina. Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa.” (Salamo 1:1-3).

**Ny hany faniriako**

(Vavaka ho an’ny tokantena, nisara-bady na ireo izay miaina irery)

nosoratan’i Melody Mason, mpanoratra ny « Daring to Ask for More »

Mafy izany hoe miaina irery ao anatin’ny tontolon’ny mpivady. Fantatro izany fa efa niainako ! Na dia izany aza anefa, nandritra ny efapolo taona izay naha-irery ahy, i Jesosy dia naneho tamiko mandrakariva ny halehiben’ny fitiavany ahy ary maniry fatratra Izy ny mba hahitako fahafinaretana feno, fifaliana, fitiavana ary ny maha-izaho ahy ao Aminy. Izay nomeny ahy nandritra izany fotoana izany dia tsy ho azon’ny fitiavan’olombelona soloina na oviana na oviana, na dia tena mahafinaritra aza izany. Ny tena marina dia nanjary tena namako akaiky dia akaiky Izy, Izy no zavatra rehetra, Izy Ilay fitiavana avy any an-danitra ary tonga saro-piaro hitahiry izany fitiavany izany aho. Toy izao no voalazan’ny Salamo 27:4, « Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny. »

Tonga antom-bavako izany ary ny faniriako dia ny hanaovanareo izany ho antom-bavaka ihany koa. Raha ny marina, dia izany no vavaka tokony ataontsika rehefa mikatsaka fiadanam-po marina sy fahasambarana isika, na isika miaraka amin’olona na tokantena.

Na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainanareo, ny taonanareo, ny aretim-po izay nahazo anareo, na lahy ianareo na vavy, na misy mangirana eny amin’ny vodilanitra na tsia, dia tsy misy afa-tsy zavatra tokana ihany no tokony hifantohantsika: mamela an’i Jesosy ho Ilay hany fitiavana tokana ho antsika. Raha manandrana izany ianareo, dia hahita fa Izy dia mihoatra lavitra noho izay nosaintsainintsika tany aloha tany!

Mampirisika anareo aho mba hanao ity tonom-bavaka manaraka ity izay nisy heviny lehibe tokoa ho ahy. Angataho Izy mba haka izany toerana izany ao am-ponao, izay Izy irery ihany no afaka mameno izany.

**Vavaka sy Teny fikasana ho an’ny tokantena**:

Tompo ô, mamelà ahy satria tsy nanana mandrakariva izany faniriana ny fanatrehanao izany aho. Irery aho ary manana faniriana ny hanana namana, na fara-faharatsiny olona izay eo anilako mandrakariva. Ampio aho mba hanaiky fa Ianao no fanirian’ny foko! Ianao no namako ary tena Ianao mihitsy no ilaiko. Ampio aho mba hikatsaka Anao amin’ny foko manontolo, mialoha ny hikatsahako fitiavana ety ambonin’ny tany na namana. Mba ho tonga tonom-bavako tokoa anie ny Salamo 27:4. Mba ho Ianao anie ilay fofombadiko avy any an-danitra.

« Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny. » (Salamo 27:4).

« Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy. » (Jeremia 24:7). « Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. » (Jeremia 29:13).

« Fa ny Mpanao anao no Vadinao, Jehovah, Tompon'ny maro, no anarany; Ary ny Iray Masin'ny Isiraely no Mpanavotra anao, Andriamanitry ny tany rehetra no anarany. Fa Jehovah efa nampody anao, izay tahaka ny vady efa nafoy ka ory am-panahy, ary tahaka ny vady efa novadina hatry ny fony mbola tanora, fa efa napetraka, hoy Andriamanitrao.

Indray mipi-maso monja no nahafoizako anao; fa amin'ny indrafo lehibe kosa no ampodiako anao. » (Isaia 54:5-7).
« Ny fitiavan'olombelona dia tokony hifamatotra akaiky amin'ny fitiavana avy any an-danitra. Ao amin'izay hanjakan'i Kristy irery ihany no hahitana ny tena fitiavana, tsy misy fitiavan-tena sy lalina. » (Adventist Home, p. 68).
« Mahasitrana ny torotoro fo Izy sy mamehy ny feriny. » (Salamo 147:3). Jesosy no Ilay fitiavana avy any an-danitra tonga lafatra !
Tompo ô, tena maniry fatratra namana izay tena manolo-tena tanteraka ho Anao aho sady hitarika hanakaiky bebe kokoa hatrany ilay Raiko izay any an-danitra. Ampio aho mba hanaiky fa Ianao izany namana izany, satria Ianao sy ny Ray dia iray ihany. Tsy misy afaka hitondra ahy hanakaiky kokoa ny Ray afa-tsy Ianao ihany.
Hoy i Jesosy hoe: "Izaho sy ny Ray dia iray ihany." (Jaona 10:30).
"Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako." (Jaona 14:6).
Eto amin'ity izao tontolo izao ity, dia mamadika anao ny namana, ary ireo izay tia anareo dia mety mamela anareo. Tena maniry namana sy sakaiza izay azoko hitokisana mandrakariva aho. Tsy misy afa-tsy Ianao izany olona izany! Tsy misy olona izay manana toerana ambony sy tena mahitsy tahaka Anao! Na dia manadino ahy aza ny hafa, Ianao kosa dia tsy mahafoy ny zanakao na oviana na oviana. Eo mandrakariva Ianao rehefa mitaraina Aminao aho. Toy izao no nambaran'ny hafa: "Izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany." (1 Petera 2:22). "Fa Jehovah tsy mba hanary ny olony, Ary ny lovany tsy hafoiny." (Salamo 94:14).
"Hitarika ny jamba amin'izay lalana tsy fantany Aho; ary amin'ny lalana tsy fantany no hitondrako azy; Ny maizina dia hataoko mazava eo anoloany, ary ny mikitoantoana halamako tsara; Izany zavatra izany no hataoko aminy ka tsy hamelako." (Isaia 42:16).
« Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. » (Jaona 6:37).
Rainay izay any an-danitra ô, be dia be fifanjevoana ara-panahy eto amin'ity izao tontolo izao ity. Indraindray dia tsy fantatro izay eritreretiko, izay inoako, na izay tokony hijoroako. Maniry indrindra aho mba hisy olona azoko itokisana mijoro eo anilako – olona izay mahafantatra, miaina ary mivavaka araka ny Teninao. Ianao no nametraka ireo faniriana namana ara-panahy ireo ao anatiko. Ampio aho mba hanaiky fa Ianao izany olona izany, satria Ianao no ilay Teny velona sady mivavaka ho ahy Ianao.
Jesosy nanandratra ny tanany sady nibitsibitsika hoe : « Izaho no Teny velona, ary tonga Aho mba hiara-miaina Aminao. » (Jaona 1:14, namboarina).
Nivavaka nandritra ny alina Izy… tsy ho an'ny olona ihany, fa ho ahy koa ! (Jereo Lioka 6:12 ; Jaona 17:20).
« Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy. » (Isaia 55:11).
« Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra, dia ao aminy ny eny, ary amin'ny alalany koa ny Amena, ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay. » (2 Korintianina 1:20).
Misaotra Anao ny amin'ny Teninao Tompo ô. Ampio aho mba hianatra ny hifikitra amin'izany. Raha maniry ny hahafantatra sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika, dia natao ho antsika ny teny fikasany : 'Ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo.' » (*From Heaven With Love*, p. 166).

« Fikiro ny teny fikasany tahaka ny ravina mifikitra amin’ny hazo : ’ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.’ » Jaona 6:37. Rehefa manatona Azy ianareo, dia minoa fa manaiky anareo Izy, satria Izy no efa nampanantena izany. Tsy ho very na oviana na oviana ianareo raha manao izany – NA OVIANA NA OVIANA. » (*Ministry of Healing*, p. 65, fanamafisana nampiana).
« Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo. » (Isaia 55:9).
Tompo ô, niezaka ny nanao asa fanompoana ny hafa aho, kanefa indraindray dia maniry olona izay hanampy ahy koa aho, mba hanao asa fanompoana ho ahy amim-pitiavana. Na dia izany aza dia voatsikera aho, kanefa Ianao dia nandao ny lanitra mba hanao asa fanompoana ho ahy ! Tsy teo amin’ny hazo fijaliana ihany no nitrangan’izany, fa na dia ankehitriny aza dia mbola manao izany ho ahy ianao amin’ny asa fanelanelanana ataonao ao amin’ny efitra masina any an-danitra. Ampio aho mba hifikitra amin’ny sandrinao mahery raha mizotra mankany amin’ilay tany nampanantenaina amim-panantenana sy risi-po, amin’ny fahafantarana fa Ianao no manome ahy izay rehetra ilaiko. Tahaka ny nanoloranao ny tenanao ho ahy, dia ampio aho mba tsy hitazona ho ahy samirery izany fitahiana izany fa hanokana ny tenako ihany koa mba hanompo ny hafa. Ampio aho mba tsy ho tia tena amin’ny fitiavako, amin’ny fotoanako, amin’ny fisainako ary amin’ny vavaka ataoko.
“Fa nofoanany ny tenany (Jesosy) tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;…” (Filipianina 2:7).
Tsy ny lehilahy tsy omby dimy arivo ihany no nomeny hanina tamin’ny fotoan’androny, fa mbola manome hanina ahy ihany koa Izy ankehitriny. (Marka 6:41).
“Dia aza manahy ianareo ka manao hoe: Inona no hohaninay? na: Inona no hosotroinay? na: Inona no hotafinay? Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany. Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.” (Matio 6:31-33).
“Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin'ny voninahitra no amin'i Kristy Jesosy.” (Filipianina 4:19).
“Atanatanao ny vavanao, dia hofenoiko.” (Salamo 81:10).
“Omeo, dia mba homena ianareo; fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny ho ao am-pofoanareo. Fa izay fatra ataonareo no hamarana ho anareo kosa.” (Lioka 6:38).
“Andramo ka izahao fa tsara Jehovah; sambatra izay olona mialoka aminy.” (Salamo 34:8).
Andriamanitra Rainay izay any an-danitra ô, Tena tsara tamiko ianao! Imbetsaka aho no nimenomenona sy nitaraina amin’ny maha-irery ahy. Mamelà ahy noho izany. Tsy nandao ny fanjakanao be voninahitra fotsiny Ianao fa tonga sy tianao mba hahazo ny fitiavako ihany koa, kanefa imbetsaka aho no tsy nankasitraka izany fanomezana avy Aminao izany. Kanefa dia mbola miezaka hatrany Ianao mba hanatratra anay amin’ny fitiavanao. Ampianaro aho mba ho tia ny hafa tahaka ny nitiavanao ahy.
Tadidiko ny tenin’i Jesosy rehefa nohomboina tamin’ny hazo fijaliana Izy: “Ray ô, mamelà ny helony fa tsy fantany izay ataony.” (Lioka 23:34).
Mbola miahy antsika ihany koa izy ankehitriny: “Tsy varidimiventy ihany va no vidin'ny tsintsina roa? nefa tsy misy na dia iray akory aza amin'ireny ho latsaka amin'ny tany, raha

tsy avelan'ny Rainareo, fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Koa aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo." (Matio 10:29-31).
Toy izao no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amintsika: "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay." (Jaona 3:16).
"Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany." (Jaona 15:13).
Rainay izay any an-danitra ô, imbetsaka aho no nivavaka mba hanomezanao ahy olona izay ahafahako mizara ny eritreritro lalina indrindra sy ny nofinofiko; olona izay afaka hiara-dalana amiko na amin'ny fifaliana na amin'alahelo; olona izay tsy hihazona fotsiny ny tanako fa ny foko koa - olona izay hiaraka amiko sy hotiaviko amin'ny foko manontolo. Fantatro ankehitriny fa Ianao izany olona izany! Ampio aho mba tsy hihevitra fa tongatonga ho azy izay nataonao ho ahy!
"Dia homeko anao ny rakitra ao amin'ny maizina sy ny harena nafenina ao amin'ny mangingina, mba hahafantaranao fa Izaho no Jehovah Izay miantso anao amin'ny anaranao, dia Andriamanitry ny Isiraely." (Isaia 45:3).
Tsy nanambara na inona na inona i Jesosy tamin'ny nandaozany ny voninahiny tany an-danitra tamin'Izy tonga tety an-tany mba hamonjeny ahy. Na dia nisalasala ny amin'ny fitiavany sy nanao tsinontsinona ny fanehoam-pitiavana nasehony aza aho, dia tamim-pahalemem-panahy, tamim-pitiavana tsy terena no nakany ny foko sy ny fitiavako. Rehefa avy eo dia nentiny tany amin'ny trano fanaovam-petiny aho ary ny faneva izay nihofahofa teo amboniko dia ny fitiavana (Tononkira 2:4).
Hoy Izy nibitsibitsika moramora tamiko : « Andramo ka izahao fa tsara Jehovah. » (Salamo 34:8). Ary rehefa nijery ny tao am-poko lalina tao izy, dia fantatro fa tsy misy na inona na inona afaka hampisaraka anay (Romanina 8:35-39), satria efa babony ho mandrakizay ny foko !
Rehefa avy eo dia nahatsapa aho, fa i Jesosy no nanao ny sorona fara-tampony ho ahy, fa tsy ho an'ny olona rehetra fotsiny. " Fa Ilay natao ambany kely noho ny anjely no hitantsika, dia Jesosy, ary noho ny fitondrany ny fahafatesana dia voasatroka voninahitra aman-daza Izy, mba hanandrana fahafatesana hamonjy ny olona rehetra noho ny fahasoavan' Andriamanitra." (Hebreo 2:9).
" Nony vao nandalo ireo vetivety foana aho, dia hitako ilay tian'ny fanahiko, ka nohazoniko izy, fa tsy navelako handeha, mandra-pitondrako azy ho any an-tranon'ineny, dia any amin'ny efi-tranon'ilay niteraka ahy." (Tononkira 3:4).
Tompo ô, be dia be ny zavatra nataonao ho ahy! Misaotra Anao aho! Tsy maintsy ho mahitsy sy mahatoky aho. Nilaza taminay ianao fa ho tonga ety ambonin'ny tany ny fotoan-tsarotra. Tsy tiako ny hisedra izany irery.
Toy izao ny fampanantenana nomeny: "Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory. " (Hebreo 13:5).
"Raha mita ny rano ianao, dia homba anao Aho; Ary raha mita ny ony ianao, dia tsy hanafotra anao izy; Raha mandeha mamaky ny afo ianao, dia tsy ho may, Ary tsy hirehitra aminao ny lelafo;…" (Isaia 43:2).
Jesosy dia tsy mitovy amin'ny olona rehetra – Izy no zavatra rehetra: Mpitsara ahy, Tompoko, Mpamorona ahy, Mpamonjy ahy, sady Mpanjakako (Isaia 33:2). Tena Izy no zavatra rehetra amiko, Ilay fitiavana tena izy izay tokony ho takatro sy fantatro.

Andriamanitra Rainay ô, izao no voalazan'ny Salamo 37:4, "Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao." Izany no vavaka fanaoko rehefa nangataka vady na namana na sakaiza, kanefa ampio aho Tompo ô mba hahatsapa fa Ianao irery ihany no fanirian'ny foko! Izay rehetra ilaiko dia hitako ao Aminao. Aoka ny foko mba hianatra hihira fiderana ho Anao, na inona na inona toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainako, satria rehefa momba ahy Ianao, Iza no hahatohitra antsika? "Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika?" (Romanina 8:31).

"Miaràha mankalaza an'i Jehovah amiko; ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika. Mitady an'i Jehovah aho, dia mamaly ahy Izy ka manafaka ahy amin'ny tahotro rehetra. Mijery Azy ireo ka miramirana, sady tsy mangaihay ny tavany... Matahora an'i Jehovah, ianareo olony masina;fa tsy hanan-java-mahory izay matahotra Azy. Na dia ny liona tanora aza tsy ampy hanina ka noana. Fa izay mitady an'i Jehovah kosa dia tsy ho orin-java-tsoa akory." (Salamo 34:3-5, 9-10).

"Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny." (Salamo 27:4).

Na inona na inona mitranga eo amin'ny fiainako, mba ho Jesosy mandrakariva anie no hany faniriako!